DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2011-499 ananganana ny Valam-pirenena Nosy Tanikely sy ny Faritra fiarovana ao aminy ao amin' ny Kaominina ambonivohitr'i Nosy Be, Distrikan'i Nosy Be, Faritra Diana.

Ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-70-004 tamin' ny 23 jona 1970 ankatoavana ny fifanarahan'i Afrika mikasika ny fikajiana ny zavaboahary sy ny Loharanon-karena Voajanahary,

Araka ny lalàna laharana faha-70-014 tamin' ny 13 jolay 1970 anaovana ny fitsipika mifehy ny fanorenana an-dranomasina sy ny fitaovana hafa ao amin' ny rambon-tany anaty ranomasina,

Araka ny lalàna laharana faha-90-033 tamin' ny 21 desambra 1990 anaovana ny Dina momba ny Tontolo Iainana, novàna sy nofenoin' ny lalàna laharana faha-97-012 tamin' ny 6 jona 1997 sy ny lalàna laharana faha-2004-015 tamin' ny 19 aogositra 2004,

Araka ny lalàna laharana faha-95-013 tamin' ny 9 aogositra 1995 anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana mikasika ny karazan-java-manan'aina,

Araka ny lalàna laharana faha-95-017 tamin' ny 25 aogositra 1995 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Fizahan-tany,

Araka ny lalàna laharana faha-96-018 tamin' ny 4 septambra 1996 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Solitany,

Araka ny lalàna laharana faha-97-017 tamin' ny 8 aogositra 1997 anavaozana ny didy aman-dalàna mifehy ny ala,

Araka ny lalàna laharana faha-98-004 tamin' ny 19 febroary 1998 anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana tany Nairobi ho amin' ny fiarovana, ny fitantanana, ary ny fanamaintisamolaly ny toerana an-dranomasina sy ny faritra amorontsiraka ao Afrika Atsinanana,

Araka ny lalàna laharana faha-99-022 tamin' ny 30 aogositra 1999 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany, novàn' ny lalàna laharana faha-2005-021 tamin' ny 17 oktobra 2005 manova ny fepetra sasantsasany mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany,

Araka ny lalàna laharana faha-99-028 tamin' ny 3 febroary 2000 anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny Ranomasina,

Araka ny lalàna laharana faha-2001-004 tamin' ny 25 oktobra 2001 anaovana ny fitsipika ankapobe mifehy ny Dina mikasika ny filaminam-bahoaka,

Araka ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana,

Araka ny lalàna laharana faha-2004-001 tamin' ny 17 jona 2004 mikasika ny Faritra,

Araka ny lalàna laharana faha-2004-019 tamin' ny 19 aogositra 2004 ampiharana ny Fifanarahana Iraisam-pirenena mikasika ny fiarovana ny tontolo an-dranomasina sy amorontsiraka amin' ny fandotoana avy amin' ny fanariana akoranafo,

Araka ny lalàna laharana faha-2005-018 tamin' ny 17 oktobra 2005 mikasika ny varotra iraisam-pirenena momba ny karazana biby sy zavamaniry dia,

Araka ny lalàna laharana faha-2005-019 tamin' ny 17 oktobra 2005 sy amerana ny feni-kevitra mifehy ny sata momba ny tany,

Araka ny lalàna laharana faha-2006-031 tamin' ny 24 novambra 2006 amerana ny fitondrana araka ny lalàna ny fananan-tany an'olon-tsotra tsy vita titra,

Araka ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin' ny 23 jolay 2008 mikasika ny Tanim-panjakana tsy azo amidy,

Araka ny lalàna laharana faha-2008-014 tamin' ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana azo amidy, ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny fikambanana mizaka ny zo iombonana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-60-106 tamin' ny 27 septambra 1960 mikasika ny famaizana ny halatr' omby, novàna sy nofenoin' ny hitsivolana laharana faha-62-090 tamin' ny 1 oktobra 1962, ny hitsivolana laharana faha-75-023 tamin' ny 1 oktobra 1975 ary ny hitsivolana laharana faha-76-015 tamin' ny 17 mey 1976,

Araka ny hitsivolana laharana faha-60-126 tamin' ny 3 oktobra 1960 amerana ny fitondrana ny fihazana, ny fanjonoana ary ny fiarovana ny biby,

DECRET N° 2011-499 portant création du Parc National Nosy Tanikely et de sa Zone de Protection sis dans la Commune Urbaine de Nosy Be, District de Nosy Be, Région Diana.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 70-004 du 23 juin 1970 portant ratification de la convention Africaine sur la conservation de la nature et des Ressources Naturelles,

Vu la loi n° 70-014 du 13 juillet 1970 portant réglementation maritime des installations et autres dispositifs sur le plateau continental,

Vu la loi n° 90-033 du 21 décembre 1990 portant Charte de l'Environnement, modifiée et complétée par la loi n° 97-012 du 6 juin 1997 et la loi n° 2004-015 du 19 août 2004,

Vu la loi n° 95-013 du 9 août 1995 autorisant la ratification de la convention sur la diversité biologique,

Vu la loi n° 95-017 du 25 août 1995 portant Code du Tourisme,

Vu la loi n° 96-018 du 4 septembre 1996 portant Code Pétrolier,

Vu la loi n° 97-017 du 8 août 1997 portant révision de la législation forestière,

Vu la loi n° 98-004 du 19 février 1998 autorisant la ratification de la Convention de Nairobi pour la protection, la gestion et la mise en valeur du milieu marin et des zones côtières de l'Afrique de l'Est,

Vu la loi n° 99-022 du 30 août 1999 portant Code minier modifiée par la loi n° 2005-021 du 17 octobre 2005 portant modification de certaines dispositions portant sur le Code minier,

Vu la loi n° 99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code Maritime,

Vu la loi n° 2001-004 du 25 octobre 2001 portant réglementation générale des *Dina* en matière de sécurité publique,

Vu la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 portant Code de gestion des Aires Protégées,

Vu la loi n° 2004-001 du 17 juin 2004 relative aux Régions,

Vu la loi n° 2004- 019 du 19 août 2004 portant mise en œuvre des Conventions internationales relatives à la protection de l'environnement marin et côtier contre la pollution par les déversements des hydrocarbures,

Vu la loi n° 2005-018 du 17 octobre 2005 sur le commerce international des espèces de faune et de flore sauvages,

Vu la loi n° 2005-019 du 17 octobre 2005 fixant les principes régissant les statuts des terres,

Vu la loi n° 2006-031 du 24 novembre 2006 fixant le régime juridique de la propriété foncière privée non titrée,

Vu la loi n° 2008-013 du 23 juillet 2008 relative au Domaine public,

Vu la loi n° 2008-014 du 23 juillet 2008 sur le domaine privé de l'Etat, des Collectivités décentralisées et des personnes morales de droit public,

Vu l'ordonnance n° 60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs, modifiée et complétée par l'ordonnance n° 62-090 du 1er octobre 1962, l'ordonnance n° 75-023 du 1er octobre 1975 et l'ordonnance n° 76-015 du 17 mai 1976,

Vu l'ordonnance n° 60-126 du 3 octobre 1960 fixant le régime de la chasse, de la pêche et de la protection de la faune,

Araka ny hitsivolana laharana faha-93-022 tamin' ny 4 mey 1993 anaovana ny fitsipika mifehy ny fanjonoana sy ny fiompiana anaty rano,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-62-321 tamin' ny 3 jolay 1962 andaminana ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovana ny Zavaboahary, novàn' ny didim-panjakana laharana faha-84-393 tamin' ny 13 novambra 1984,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-94-112 tamin' ny 18 febroary 1994 anaovana ny fandaminana ankapobe ny asa aman-draharaha momba ny fanjonoana an-dranomasina,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-97-455 tamin' ny 8 desambra 1997 anaovana ny fandaminana ankapobe ny asa aman-draharaha momba ny fanangonana ny vokatra avy amin' ny ranomasina,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-954 tamin' ny 15 desambra 1999 mikasika ny fampifaneranana ny fampiasam-bola hamokarana amin' ny tontolo lainana *(MECIE)*, novàn' ny didim-panjakana laharana faha-2004-167 tamin' ny 3 febroary 2004,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2000-170 tamin' ny 20 febroary 2000 ampiharana ny Fehezan-dalàna momba ny Harena an-kibon' ny tany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-013 tamin' ny 11 janoary 2005 andaminana ny fampiharana ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2006-910 tamin' ny 19 desambra 2006 amerana ny fomba fampiharana ny lalàna faha-99-022 tamin' ny 19 aogositra 1999 anaovana ny Fehezan-dalàna momba harena an-kibon' ny tany novàn' ny lalàna laharana faha-2005-021 tamin' ny 17 oktobra 2005,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-957 tamin' ny 31 oktobra 2007 amaritana ny fepetra fampiharana ny fanjonoana makamba amorontsiraka,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2010-137 tamin' ny 23 marsa 2010 anaovana ny fitsipika momba ny fitantanana mirindra ny faritra amorontsiraka sy an-dranomasina eto Madagasikara,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2010-647 tamin' ny 6 jolay 2010 amerana ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Tontolo lainana sy ny Ala ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-137 tamin' ny 16 marsa 2011 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-140 tamin' ny 26 marsa 2011 anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny faneken' ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovana Zavaboahary tamin' ny fivoriana nataony ny 20 desambra 2010,

Araka ny tolokevitry ny Minisitry ny Tontolo lainana sy ny Ala,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

Andininy voalohany. - Ny Toerana Hiarovana ny Zavamanan'aina antsoina hoe "Nosy Tanikely", hita ao amin' ny Kaominina ambonivohitra ao Nosy Be, Distrikan'i Nosy Be, Faritra Diana, manana velaran-tany 180 ha eo ho eo dia Faritra Arovana an-tanety, an-dranomasina sy amorontsiraka ao anatin' ny sokajin' ny Valam-pirenena araka ny fepetra voalazan' ny lalàna anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana antsoina hoe "Valam-pirenena Nosy Tanikely" araka ny hita ao amin' ny sarin-tany fanondroana ny toerana amin' ny tovana 1 sy ao anatin' ny drafitra amin' ny tovana 2 amin' ny mari-drefy 1/10.000 amin' ity Didim-panjakana ity.

Ny farafetra ivelan' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia ny faribolan' ny tana mirefy 700 metatra manomboka amin' ny fanilon-tsambo.

And. 2. - Ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia ahitana ireto sombin-tany roa manaraka ireto :

- Sombin-tany laharana voalohany atao hoe "sombin-tany antanety amin' ny nosy kely Nosy Tanikely", mirefy manontolo 9 ha eo ho eo;
- Sombin-tany laharana faha-2 atao hoe "sombin-tany-andranomasina amin' ny nosy kely Nosy Tanikely", mirefy manontolo 171 ha eo ho eo.

Vu l'ordonnance n° 93-022 du 4 mai 1993 portant réglementation de la pêche et l'aquaculture,

Vu le décret n° 62-321 du 3 juillet 1962 portant organisation du Conseil Supérieur de Protection de la Nature modifié par le décret n° 84-393 du 13 novembre 1984,

Vu le décret n° 94-112 du 18 février 1994 portant organisation générale des activités de la pêche maritime,

Vu le décret n° 97-455 du 8 décembre 1997 portant organisation générale des activités de collecte des produits d'origine marine,

Vu le décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 relatif à la Mise en Compatibilité des Investissements avec l'Environnement (MECIE), modifié par le décret n° 2004-167 du 3 février 2004,

Vu le décret n° 2000-170 du 20 février 2000 portant application du Code Minier,

Vu le décret n° 2005-013 du 11 janvier 2005 organisant l'application de la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 portant Code de gestion des Aires Protégées,

Vu le décret n° 2006-910 du 19 décembre 2006 fixant les modalités d'application de la loi n° 99-022 du 19 août 1999 portant Code minier modifiée par la loi n° 2005-021 du 17 octobre 2005,

Vu le décret n° 2007-957 du 31 octobre 2007 portant définition des conditions d'exercice de la pêche des crevettes côtières,

Vu le décret n° 2010-137 du 23 mars 2010 portant règlementation de la gestion intégrée des zones côtières et marines de Madagascar,

Vu le décret n° 2010-647 du 6 juillet 2010 fixant les attributions du Ministre de l'Environnement et des Forêts ainsi que l'organisation générale de son Ministère,

Vu le décret n° 2011-137 du 16 mars 2011 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2011-140 du 26 mars 2011 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu l'avis favorable du Conseil Supérieur de la Protection de la Nature en sa réunion du 20 décembre 2010,

Sur proposition du Ministre de l'Environnement et des Forêts,

Décrète :

Article premier. - Le Site d'Intérêt Biologique dénommé "Nosy Tanikely", situé dans la Commune urbaine de Nosy Be, District de Nosy Be, Région Diana, d'une superficie de 180 ha environ est une Aire Protegée Terrestre, Marine et Cotière dans la catégorie de Parc National conformément aux dispositions de la loi portant Code de gestion des Aires Protégées dénommée " Parc National Nosy Tanikely", telle qu'il figure dans la carte de localisation en annexe 1 et dans le plan en annexe 2 à l'échelle 1/10.000 du présent Décret.

La limite externe du Parc National Nosy Tanikely est le cercle de rayon de 700 mètres à partir du phare.

Art. 2. - Le Parc National Nosy Tanikely est composé de deux parcelles suivantes:

- Parcelle n°1 dite "parcelle terrestre de l'îlot Nosy Tanikely", d'une superficie totale d'environ 9 ha;
- Parcelle n° 2 dite " parcelle marine de l'îlot Nosy Tanikely", d'une superficie totale d'environ 171 ha.

Ny farafetra ivelan' ny sombin-tany 2 amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia faritan' ny tsipika amin' ny ranomasina farany ambony amin' ny ilany amin' ny tany sy ny faribolan' ny tana mirefy 700 metatra miainga eo amin' ny fanilon-tsambo.

And. 3. - Ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia ahitana ny :

Faritra anivo Mafy

Ny sombin-tany laharana voalohany amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia manana bolongana Faritra anivo mafy an-tanety roa dia mirefy manontolo 5,60 ha eo ho eo izay faritana manaraka etoana :

- Faritra anivo Mafy laharana voalohany atao hoe Tanihely (N1) mirefy 0,20 ha eo ho eo faritan' ny tendro farany avo 1 A hatramin' ny 1 G;
- Faritra anivo Mafy laharana faha-2 atao hoe Tanihely (N2) mirefy 5,40 ha eo ho eo faritan' ny tendro farany avo T1 hatramin' ny T58.

Ny sombin-tany laharana faha-2 amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia manana bolongana Faritra anivo Mafy an-dranomasina iray mirefy manontolo 38 ha eo ho eo. Ny feni-kevitra momba ny "Faritra anivo Mafy an-dranomasina mihodina" dia atsangana eo anivon'io faritra anivo mafy io ary izany, araka ny fihodinana voafaritra ao amin' ny Drafitra momba ny fanajariana sy Fitantanana faritana manaraka etoana :

- Faritra anivo Mafy laharana faha-3 atao hoe Tanihely (N3), faritan' ny tendro farany avo M1, M2, M6 ary M7.

Ny fangitra Laborde, ny fanoritsoritana ny tendro farany avo amin' ny farafetran'ireo Faritra anivo Mafy 3 ary ny ampahanà farafetra eo anelanelan' ny tendro farany avo dia soritana sy faritana tsirairay ao amin' ny tovana 3 A sy 3 B amin' izao Didim-panjakana izao.

Faritra Manodidina

Ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia manana Faritra Manodidina 2 mirefy manontolo 136,4 ha eo ho eo izay faritana manaraka etoana :

Faritra Manodidina an-tanety

- Ny faritra an-tanety amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely ankoatry ny Faritra anivo Mafy an-tanety 2, ny tora-pasika sy ny harambato ary mirefy manontolo 3,40 ha eo ho eo.

Faritra manodidina an-dranomasina

- Faribolan' ny tana mirefy 700 metatra miainga eo amin' ny fanilon-tsambo ankoatry ny nosy kely Nosy Tanikely sy ny Faritra anivo Mafy an-dranomasina (N3) ary mirefy manontolo 133 ha eo ho eo.

Ny fanoritsoritana ny tendro farany avo amin' ny farafetran'ireo Faritra Manodidina dia faritana sy soritana ao amin' ny tovana 4 amin' izao Didim-panjakana izao.

Karazana faritra hafa

Karazana faritra hafa : Faritra Fampiasana Arahi-maso, Faritra Fiasana, Faritra Fisakafoanana dia hofaritana araka ny ilàna izany ao amin' ny Drafitra momba ny Fanajariana sy Fitantanana ankatoavin' ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana, eo anivon' ny Faritra Manodidina an-tanety sy an-dranomasina amin' ny Valam-pirenena Tanikely.

And. 4. - Ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia manana Faritra Fiarovana iray akaikin' ny farafetra ivelan' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely, hita eo amin' ny 300 metatra manomboka eo amin' ny 700 metatra amin' ny fanilon-tsambo izany hoe hatramin' ny 1 km amin' ny fanilon-tsambo, mirefy manontolo 160 ha eo ho eo.

La limite externe des 2 parcelles du Parc National Nosy Tanikely est respectivement délimitée par la ligne de la plus haute mer du côté terrestre et le cercle de rayon de 700 mètres à partir du phare.

Art. 3. - Le Parc National Nosy Tanikely est constitué de :

Noyau Dur

La parcelle n° 1 du Parc National Nosy Tanikely dispose de deux blocs de Noyaux Durs terrestre d'une superficie totale d'environ 5,60 ha ci-après définies :

- Noyau Dur n° 1 dit Tanihely (N1) d'une superficie de 0,20 ha environ, délimité par les points sommets 1 A à 1 G;
- Noyau Dur n° 2 dit Tanihely (N2) d'une superficie de 5,40 ha environ, délimité par les points sommets T1 à T58.

La parcelle n° 2 du Parc National Nosy Tanikely dispose d'un bloc de Noyau Dur marin d'une superficie totale d'environ 38 ha. Le principe de "Noyau Dur marin tournant" est institué au niveau de ce noyau dur et ce, suivant une rotation précisée dans le Plan d'Aménagement et de Gestion ci-après définies :

- Noyau Dur n° 3 dit Tanihely (N3), délimité par les points sommets M1, M2, M6 et M7.

Les coordonnées Laborde, la description des points sommets de la limite de ces 3 Noyaux Durs et de la portion de limites entre les points sommets sont décrites et définies respectivement en annexes 3 A et 3 B du présent Décret.

Zone Tampon

Le Parc National Nosy Tanikely dispose de 2 Zones Tampons d'une superficie totale de 136,4 ha environ ci-après définie :

Zone Tampon terrestre

- La partie terrestre du Parc National Nosy Tanikely hormis les 2 Noyaux Durs terrestre, les plages et les rochers et ayant une superficie totale de 3,40 ha environ.

Zone Tampon Marine

- Cercle de Rayon 700 mètres à partir du phare hormis l'îlot Nosy Tanikely et le Noyau Dur Marin (N3) et ayant une superficie totale de 133 ha environ.

La description des points sommets de la limite de ces Zones Tampons est définie et décrite en annexe 4 du présent Décret.

Autres types de zones

D'autres types de zones : Zones d'Utilisation Contrôlée, Zones de Service, Zone de Restauration seront définies, en tant que de besoin dans le Plan d'Aménagement et de Gestion approuvé par le Ministère chargé des Aires Protégées, au niveau des Zones Tampons terrestre et marine du Parc National Tanikely.

Art. 4. - Le Parc National Nosy Tanikely dispose d'une Zone de Protection jouxtant de la limite externe du Parc National Nosy Tanikely, située à 300 mètres à partir de 700 mètres du phare soit jusqu'à 1 km du phare, d'une superficie totale de 160 ha environ.

Ny fanoritsoritana ny tendro farany avo amin' ny farafetran'io faritra fiarovana io dia faritana ao amin' ny tovana 5 amin'izao Didim-panjakana izao.

And. 5. - Ny feni-kevitra momba ny fitantanana ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia ilay fitantanana iaraha-miasa ary izany, amin' ny alàlan' ny fandraisana anjaran' ny *Madagascar National Parks*, ny Kaominina ambonivohitr'i Nosy Be ary ny Antokon-draharaham-paritry ny Fizàhan-tany ao Nosy Be amin' ny alàlan' ny Fikambanana "Tanihely National Park".

And. 6. - Ankoatra ny tranga voalaza sy faizin' ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny fitantanana ny Faritra Arovana voalaza etsy ambony, ny asa aman-draharaha manaraka etoana dia rarànа tanteraka :

Manerana ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-2 :

- izay rehetra karazana fiompiana anaty rano :
- izay rehetra endrika fanjonoana : mampiasa fitaovana indostrialy, tsotra ary nentim-paharazana afa-tsy raha misy fameloman-tena mandritra ny loza na antambo voajanahary;
- ny fanangonana ny vokatry ny atirano;
- ny fakàna, ny fihazana, ny fanjifana ary ny fivarotana ireo biby sy zavamaniry;
- izay rehetra endrika fitrandrahana miteraka fahasimbana mikasika ny fikarohana momba ny zava-manan'aina sy tontolo iainana;
- ny fizahana taratra sy fitrandrahana harena an-kìbon' ny tany, solitany ary ny harana an-dranomasina;
- izay rehetra fikarohana na fitsirihana, fakàna santionany, fanarenan-tany ary fanorenana;
- ny fitrandrahana akoram-bato sy harana anaty ranomasina;
- ny fanapahana sy ny fitrandrahana ny vokatry ny ala mitsiraka na tsia natao hovarotana, eny na dia tsy ho varotana aza izany;
- ny fitevena ala sy/na fambolena atao amin' ny alàlan' ny tavy amin' ny ala voajanahary sy/na faharoa;
- ny fambolena karazan-kazo ankoatra izay natao hanarenana ny tontolo iainana;
- ny asa aman-draharaha momba ny fambolena;
- ny fonenana maharitra ankoatra izay natokana ho an' ny mpiandry ny fanilon-tsambo;
- ny filasiana tsy maharitra ataon' ny mpizahan-tany sy/na ireo Mponina eo an-toerana;
- ny fiantsonan' ny sambo mandeha motera ivelan' ny faritra voatondro;
- ny fakàna amin' ny loharanon-karena mitsiraka, akorandriaka sy ny lomotra anaty ranomasina;
- ny famokarana arina;
- ny fivezivezen' ny sambo mandeha motera na tsia ka ny fatra faobe entiny dia mihoatra ny dimampolo (50) barika;
- ny fanariana ny faika mivaingana (vaton'aratra, harona plastika ary hafa) sy faika avy amin' ny zava-manan'aina (taova, ambin-trondro ary hafa); faika mitsiranoka (akoranafo; rano maloto; vokatra simika ary hafa);
- sy amin' ny ankapobeny izay rehetra asan' ny zavaboahary mitondra fikorontanana amin' ny biby sy amin' ny zavamaniry, ary koa amin' ny endrika am-boalohany ananan' ny toerana voajanahary.

Manerana ny faritra fiarovana amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-4 :

- ny fanjonoana mampiasa fitaovana indostrialy;
- ny fanjonoana mampiasa fitaovana sy fitaovana vaventy tsy manara-pitsipika amin' ny fanjonoana;

La description des points sommets de la limite de cette zone de protection sont définies en annexe 5 du présent Décret.

Art. 5. - Le principe de gestion du Parc National Nosy Tanikely est celui de la co-gestion collaborative et ce, de manière participative entre Madagascar National Parks, la Commune Urbaine de Nosy Be et l' Office Régional du Tourisme de Nosy Be à travers l'Association " Tanihely National Park ".

Art. 6. - Outre les cas prévus et réprimés par la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 portant Code de gestion des Aires Protégées susvisée, les activités suivantes sont strictement interdites :

Sur toute l'étendue du Parc National Nosy Tanikely définie dans l'article 2 :

- tous types d'aquacultures;
- toutes formes de pêche : industrielle, artisanale et traditionnelle; sauf en cas de survie lors d'un accident ou cataclysme naturel;
- la collecte de produits halieutiques;
- le prélèvement, la chasse, la consommation et la vente de toutes espèces faunistiques et floristiques;
- toutes formes d'extraction dommageable, en matière de recherche biologique et écologique;
- l'exploration et l'exploitation minière, pétrolière et de corail;
- toute fouille ou prospection, sondage, terrassement et construction;
- l'extraction des minéraux et de corail;
- la coupe et l'exploitation de produits forestiers ligneux ou non à des fins commerciales et même non commerciales;
- le défrichement et/ou cultures sur brûlis des forêts naturelles et/ou secondaires;
- la plantation d'espèces autre que pour la restitution écologique;
- les activités agricoles;
- les habitations à l'exclusion de celle réservée au gardien de phare;
- les campements temporaires des touristes et/ou des Paysans locaux;
- le mouillage des bateaux à moteur en dehors des zones prévues;
- le prélèvement des ressources ligneuses, des coquillages et des algues;
- la production de charbon;
- la circulation des bateaux motorisés ou non dont la jauge brute est supérieure à cinquante (50) tonneaux;
- l'abandon des déchets solides (piles, sachets plastiques et autres) et déchets organiques (viscères, restes de poissons et autres), déchets liquides (hydrocarbures; eaux usées; produits chimiques et autres);
- et de manière générale tout acte de nature à apporter des perturbations à la faune et à la flore, ainsi qu'à l'aspect original du milieu naturel.

Sur toute l'étendue de la zone de protection du Parc National Nosy Tanikely définie dans l'article 4 :

- la pêche industrielle;
- la pêche utilisant des matériels et engins de pêche non réglementaires;

- ny fanariana ny faika mivaingana (vaton'aratra, harona plastika ary hafa) sy faika avy amin' ny zava-manan'aina (taova, sisa amin' ny trondro ary hafa), faika mitsiranoka (akoranafo; rano maloto; vokatra simika ary hafa);
- ny fivezivezen' ny sambo mandeha motera na tsia ka ny fatra faobe entiny dia mihoatra ny dimampolo (50) barika;
- sy amin' ny ankapobeny izay rehetra asa aman-draharaha tsy nahazo fanomezan-dàlana manokana avy amin' ny Fikambanana "Tanihely National Park"

And. 7– Ankoatra ny tranga voalaza sy faizin' ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 voalaza etsy ambony, ny asa aman-draharaha manaraka etoana dia tsy maintsy asiana fitsipika ary izany, araka ny bokin'andraikitra, ny fanomezan-dàlana sy/na fifanarahana eo an-toerana ifanaovan' ny mpitantana sy ny mpampiasa :

Manerana ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-2 :

- Izay rehetra asa aman-draharaha momba ny zava-manan'aina sy tontolo iainana.

Ao amin' ny faritra anivo mafy amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-3 :

- ny fidirana sy ny fitsidihana ny faritra anivo mafy.

Manerana ny faritra manodidina ny faritra anivo amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-3 :

- ny asa fanajariana indrindra ho an' ny zahavoahary nahazo fanomezan-dàlana hanangana sy ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana;
- ny fisitrihana ambany ranomasina ho an' ny zahavoahary ao amin' ny Faritra manodidina ny faritra anivo an-dranomasina araka ny fitsipika sy fenitra ferana ao amin' ny Drafitra momba ny Fanajariana sy Fitantanana *(PAG)* ary ny fitsipika anatin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely.

And. 8. - Ankoatra ny tranga voalaza sy faizin' ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 voalaza etsy ambony, ny asa aman-draharaha manaraka etoana dia omen-dàlana ary izany, araka ny Drafitra momba ny fanajariana sy fitantanana ny Vala :

Manerana ny Valam-pirenena Nosy Tanikely faritana ao amin' ny andininy faha-2 :

- ny asa fanajariana indrindra ho an' ny zahavoahary nahazo fanomezan-dàlana takiana sy ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana;
- ny asa aman-draharaha mifandray amin' ny fikajiana : fizohiana ny tontolo iainana, ady atao amin' ny zavamaniry mpanimba, famerenana amin' ny laoniny, fanaraha-maso sy fanaovana andri-maso;
- ny fampiasan' ny mpandeha an-tongotra ny làlan-kely fototra fivezivezena efa misy;
- ny fampiasana ny làlan-kely fivezivezena efa misy mankany amin' ny fanilon-tsambo;
- ny fiantsonana raha latsaka an-katerena natao ho fialofana na famonjena.

And. 9. - Araka ny fepetra voalazan' ny lalàna laharana faha-2001-005 tamin' ny 11 febroary 2003 voalaza etsy ambony, omen' ny *Madagascar National Parks* ao amin' ny Faritra arovana an-tanety sy an-dranomasina faritana ao amin' ny andininy faha-4 amin'izao didim-panjakana izao alàlana manokana asa aman-draharaha momba ny fambolena ary koa ny karazana aman-draharaha hafa tsy miteraka fiantraikany ratsy amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely.

- l'abandon des déchets solides (piles, sachets plastiques et autres) et déchets organiques (viscères, restes de poissons et autres), déchets liquides (hydrocarbures; eaux usées; produits chimiques et autres);
- la circulation des bateaux motorisés ou non dont la jauge brute est supérieure à cinquante (50) tonneaux;
- et de manière générale toute activité n'ayant pas reçu une autorisation exceptionnelle par l'Association " Tanihely National Park".

Art. 7. - Hormis les cas prévus et réprimés par la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 susvisée, les activités suivantes sont strictement réglementées et ce, selon un cahier de charges, une autorisation et/ou conventions locales établis entre le gestionnaire et les usagers :

Sur toute l'étendue du Parc National Nosy Tanikely définie dans l'article 2 :

- Toute activité de recherche biologique et écologique.

Dans les noyaux durs du Parc National Nosy Tanikely définis dans l'article 3 :

- l'accès et la visite aux noyaux durs.

Sur toute l'étendue de la zone tampon du Parc National Nosy Tanikely définie dans l'article 3 :

- les travaux d'aménagement notamment en faveur de l'écotourisme ayant obtenu un permis d'implantation et un permis environnemental;
- la plongée sous marine en faveur de l'écotourisme dans la Zone Tampon marine selon les règles et normes fixées dans le Plan d'Aménagement et de Gestion (PAG) et le Règlement Intérieur du Parc National Nosy Tanikely.

Art. 8. - Hormis les cas prévus et réprimés par la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 susvisée, les activités suivantes sont autorisées et ce, conformément au Plan d'aménagement et de Gestion du Parc :

Sur toute l'étendue du Parc National Nosy Tanikely définie dans l'article 2 :

- les travaux d'aménagement en faveur de l'écotourisme ayant obtenu les autorisations requises et le permis environnemental;
- les activités liées à la conservation : suivi écologique, lutte contre les plantes envahissantes, restauration, contrôle et surveillance;
- l'utilisation piétonnière sur les principaux sentiers existants;
- l'utilisation des sentiers existants menant vers le phare;
- l'accostage en cas d'urgence à des fins de refuge ou de sauvetage.

Art. 9. - Conformément aux dispositions de la loi n° 2001-005 du 11 février 2003 susvisée, les activités agricoles ainsi que les autres types d'activités n'entrainant aucun impact néfaste sur le Parc National Nosy Tanikely, sont autorisées à titre exceptionnel par Madagascar National Parks dans les Zones de Protection terrestre et marine définies dans l'article 4 du présent décret.

And. 10. - Ny fidiran' ny mpitsidika rehetra ao amin' ny Valam-pirenena Nosy Tanikely dia tsy maintsy andoavana ny saram-pidirana feran' ny Fikambanana "Tanihely National Park" sy manaja ny fitsipika anatiny atsangan' ny mpitantana.

Ny fitsidihana ny zotra momba ny zavahoahary misokatra ho amin'izany dia tsy maintsy mila ny asa fitarihan-dàlana manaja ny fenitra araka ny fitsipika momba ny fitarihana nataon' ny mpitantana.

And. 11. - Ny fandikana atao amin' ny fepetra voalazan'izao didim-panjakana izao dia zahana fototra sy saziana araka ny fepetra voalazan' ny lalàna anaovana *COAP* ary izany, dia tsy tohinina ny rijan-teny isan-tsehatra hafa manan-kery raha tsy voalazan' ny lalàna *COAP*.

